

17 MAY 2010.

4 Sivan 5770.

Fototra mafy orina

«*Kanefa ny fanorenana mafy nataon'Andriamanitra dia miorina tsara sady manana izao tombo-kase izao: "Ny Tompo mahalala ny azy", ary koa: "Aoka ny olona rehetra izay manonona ny anaran'ny Tompo hiala amin'ny ratsy.*» (2Timoty 2:19)

Maniry ny Tompo raha entitra tahaka ny vy ny vahoakany ka ny finoany dia mafy tahaka ny vatolampy. Tokony ho vavolombelony eo amin'izao tontolo izao ny kristianina, fitaovana ampiasainy mba hanatanteraka asam-piomanana be voninahitra mialoha ny fisehoany...

Mety hisy mpitandrina izay nitory ny hafatra tamin-kafam-po sy fahazotoana kanjo nivadika ka hikambana amin'ny fahavalon-tsika; Kanefa, hoy ny apostoly, "*ny fanorenana mafy nataon'Andriamanitra dia miorina tsara*". Ny finoana sy ny fihetse-pon' ny olona dia mety hiova fa tsy miova na oviana na oviana kosa ny fahamarinanan'Andriamanitra ...

Tsy misy olona manompo an'Andriamanitra ka tsy hifandrimbonan'ny olona masiaka sy ny anjely ratsy hiadiana. Tonga eny amin'ny lalan'ny fanahy izay mitady hanampy an'isa an'ireo izay momba an'i Kristy ny fanahy ratsy satria tian'i Satàna ny hisarika azy ireo ho hazany. Misaintsaina sy manambara ny fahaverezan'izy ireo ny olondratsy. Mety hamitaka ny olomboavonjy aza raha azo atao ireny olona izay mitafy ny akanjon'ny fahatsorana ireny.

Ao anatin'ny fahamarinana isika, azo itokisana tahaka ny fisian'Andriamanitra izany. Na dia manana saina lalina sy hery tsy hay toherina aza Satàna dia tsy afaka manova ny fahamarinana avy any an-danitra ho fahadisoan-kevitra izy. Manao ny fomba rehetra hanapotohana tanteraka ny vokatry ny

Tenin'Andriamanitra ilay fahavalo lehibe kanefa tsy mahasakana ny famirapiratàn'ny fahamarinana izany.

Nofidin'ny Tompo isika ka nataony ho vahoakan'ny famindrampony mahavariana. Mahasarika antsika ve ny resadresa-poana ataon'ny mpivadika? Hikambana amin'ny mpandika ny Lalàn'Andriamanitra ve isika? Aleo lazaina hoe " Tompo ô , asio fifandrafiana eo amiko sy ny bibilava".Raha tsy hataontsika fahavalo ny asan'ny fahamaizina dia hiodidina antsika izy ireo ary vonona hanaikitra sy hanagorobaka ny fontsika ny poizina avy aminy. Tokony heverintsika ho tahaka ny fahavalo mety maty izy ary toherin-tsika amin'ny anaran'i Kristy.Mandroso miandalana ny asan-tsika kanefa mila miady isika hahazo sombin-tany kely. Ireo izay milaza azy fa an'i Kristy dia tokony hiankanjo ny fiarovan-tratran'ny fahamarinana."...

Tonga ny fotoana izay tokony hahafantaran-tsika ny antony hoe fa maninona no mino izay hinoan-tsika isika sy izay hataon-tsika...Tokony hiady ho an'Andriamanitra sy ny fahamarinana isika, eo anoloan'ny taranaka mafy atoka sy tsy mino. Ny olona izay niaina tamin'ny fomba fiaina hafa sy manana faharesen-dahatra mafy orina lalina ao ampony eo anatrehan'ny fitak'i Satàna dia sarotra hidirana kokoa noho ireo izay tsy nanandrana ny fitiavan'i Kristy. Mailo sy mijanona ampahendrena izy manolona ny faharatsiana. Entitra izy eo anatrehan'i Satàna noho ny fahazàvana sy ny fahalalàna... Hoy aho tamin'ireo rahalahiko: Ny hany fanatenanareo dia eo amin'Andriamanitra. Tokony hitafy ny fahamarinan'i Kristy isika raha te hijanona ho mafy orina eo anatrehan'ny faharatsiana izay mihanaka. Tokony hampiseho ny finoantsika amin'ny alalan'ny asa isika. Aoka hametraka fototra tsara ho amin'ny ho avy mba handraisantsika ny fiainana mandrakizay. Tokony hiasa , tsy amin'ny alalan'ny herin-tsika fotsiny ihany isika fa amin'ny herin'ny Mpamonjin-tsika nitsangana tamin'ny maty. Inona no azontsika hatao ho an'i Jesosy?

Ellen G. White *Testimonies* Vol. 4 p. 594-597.

